## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ataovy marina ny alehan'ny tongotrao, dia ho voalamina ny alehanao rehetra."*
***Ohabolana 4:26***

### Championnat National de Basket U14

# Ekipa zazalahy 40 sy zazavavy 31 no handray anjara

Fantatra ankehitriny fa ekipa sokajy U14 zazalahy miisa 40 sy zazavavy miisa 31, no handray anjara amin'ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondaka nasionaly hatao eto Analamanga 2023 sokajy latsaky ny 14 taona. Ireo ekipa U 14 zazavavy miisa 31 : Analamanga-Ekipa miisa ( Atsinanana (4)-Ascut, Gotham, Crjs, Veb, Vakinankaratra (3)-Bci 104, Phoenix, Ffpro-Bctm, Matsiatra Ambony (3)-Ebf, Cbf, Fandrasa, Boeny (3)-Abm, Bco, Bc Sja, Vatovavy (1)-Asbm, Bongolava (2)-Bas, Sepa, Diana (1)-Asla, Amoron'i Mania (3)-Pintade, As



*Ekipa U14 Malagasy mpanao basket.*

Montfort, Ats, Alaotra Mangoro (2)-As Jap Mada, Abbcm, Betsiboka (1)-Epab. Ireo ekipa U 14 zazalahy miisa 40 : Analamanga-Ekipa miisa ( , Atsinanana (4)-Ascut, Acmb 501, Crjs, Veb, Vakinankaratra (3)-Sbc,Bci 104, Ffpro-Bctm, Menabe (3)-Mfb, Bbcm, 619 Génération, Bcu, Matsiatra Ambony (2)-Ebf, Cbf, Boeny (3)-Jsb, Abm, Bco, Vatovavy (1)-Asbm, Bongolava (3)-Bas, Bck, Asm, Anosy (1)-Lba, Itasy (1)-Snbc, Atsimo Atsinanana (1)-Smb, -Diana (1)-Asla, Amoron'i Mania (3)-Pintade, Ats, Alsi Bc, Atsimo Andrefana (2)-Rbc, Bcest, Alaotra Mangoro (3)-As Jap Mada, Abbcm, Tanora 503, Betsiboka (1)-Epab.

**Rainilita**

### Lalaon'ny Nosy 2023

# Misy mpanazatra Sinoa hanofana ny Malagasy

Misy andiana mpanazatra matihanina Sinoa tonga eto Madagasikara tamin' ny talata 11 jolay 2023, izay nafaran'ny fitondrampanjakana manokana, noho ny fiaraha-miasa ara-teknika eo amin'ny firenena roa tonta, mba hanofana ireo atleta Malagasy hiatrika ny Lalaon'ny Nosy, izay hotanterahana ny 23 aogositra ka hatramin'ny 03 septambra 2023. Taranja miisa efatra (4) no hisitraka izany fiofanana homen'ireto mpanazatra matihanina Sinoa ireto izany dia ny taranja Tennis de table, Haltérophilie, Athlétisme ary Badminton. Notsenain'ny avy amin'ny ministeran'ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy ireto mpanazatra Sinoa ireto ary tonga dia nitsidika ny Minisitry ny fanatanjahantena Malagasy teny amin'ny birao fiasany teny Ambohijatovo ihany koa, ka nitarika azy ireo tamin'izany ny "Chargé d'Affaires" eo anivon'ny Masoivohon'i Chine miasa sy monina eto Madagasikara.


*Ireo mpanazatra Sinoa nigadona teny Ivato.*

**Rainilita**

### Tetikasa rugby Village buddy of the World

# Tanora Malagasy 5 mianadahy lasa niofana any Frantsa

Tanora Malagasy 5 mianadahy eo anivon'ny fikambanan'ny Rugby Antananarivo, Amoron'i Mania ary Boeny no lasa any Frantsa, ka handray anjara amin'ny tetikasa iraisam-pirenena "Village buddy of the world", karakarain'ny « SECOURS POPULAIRE FRANÇAIS », izay hatao any Super-Besse France, nanomboka tamin'ny alahady 09 jolay, ka hatramin'ny alarobia 26 jolay 2023 ho avy izao. Marihana fa ity tetikasa ity dia manome fahafahana tena ilaina ho an'ny ankizy hiara-mieritreritra ireo olana lehibe eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika ary indrindra indrindra ny hialana amin'ny tsy fahampian'ny tsirairay, sy hiombonan-kevitra amin'ny firaisankina, mba hahafahan' izy ireo mampivoatra ny traikefany avy. Tamin'ny alahady 9 jolay lasa teo izy ireo no nanainga teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato.


*Ireo tanora 5 mianadahy ho any Frantsa.*

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy anana tyssam** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, na atao ritra. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny voanatsindrana

Ny soa azo avy amin'ny voanatsoindrana indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Golden berries koa no anaran'ny voanatsindrana. Manasitrana ny fanaintainana izy, indrindra ho an'ny olona marary vanin-taolana, manaintana ny vatana, misy hémorroïdes…
Miaro amin'ny fahanteran'ny sela, miaro amin'ny cancer, na homamiadana.
Mampatanjaka ny taolana, misy vitamine K.
Mampatanjaka ny hery FIAROVANA, misy vitamine C.
Tsara ho ,an'ny maso misy vitamine A.
Mampilamina tosi-drà.
Mampilamina ny siramamy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Fanasana distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Fanasana distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Fanasana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Lalovan'ny lalamby mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina (TCE : Tananarive Côte Est), ny tanànan'i Fanasana. Vokatra any ny voankazo isan-karazany toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny ampalibe, ny kôkô na voanio. Vokatra any koa ny kafe.

